Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA Asabotsy 13 jona 2020
Elysée ANDRIAMIANDRA

Lohahevitra: **NY ADIN'NY MINO**

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

Fiarahabana sy fanolorana ny lohahevitra : 1Korintiana.6 : « Ny adin'ny mino »

HIRA : Antoko Mpihira

Vavaka

Vakiteny 1. 1Korintiana 6.1-6
Ny fahamarinan'Andriamanitra no iveloman'ny mino sy iasàny.
1 Misy aminareo va, raha manana ady amin' ny namany, sahy handeha hotsarain' ny olona tsy marina, fa tsy eo anatrehan' ny olona masina?2 Sa tsy fantatrareo fa ny olona masina dia hitsara izao tontolo izao? Ary raha hitsara izao tontolo izao hianareo, moa tsy miendrika hitsara izay zavatra madinika indrindra va hianareo?

Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

3 Tsy fantatrareo va fa hitsara anjely isika? mainka fa izay zavatra momba izao fiainana izao.4 Koa raha misy hotsarainareo ny amin' ny momba izao fiainana izao, moa izay ataon' ny fiangonana ho tsinontsinona va no tendrenareo ho mpitsara?5 Hampahamenatra anareo no itenenako izany. Hay! dia tsy misy olon-kendry aminareo, na dia iray akory aza, izay mahay manamboatra ny adin' ny rahalahiny?6 Fa ny rahalahy mandeha hiady amin' ny rahalahiny, na dia hotsarain' ny tsy mino aza.

Fanazavana fohy

HIRA : 510.1,2,4 *(feon'ny 612)* Jeso ! ny hamarinanao

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
Hifona sy hibebaka noho ny fitsikerana foana sy ny fitsaratsarana.

Hangataka mba hiezaka hatrany ny ao amin'ny fianakaviana sy ny ny ao am-piangonana mba hitady izay hihavanana sy hivelona ny fitiavana araka an'Andriamanitra.
Hangataka mba hitady mandrakariva ny fitarihan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Fanahy ny fianakaviana sy ny mino hiatreahana sy handaminana ny disadisa sy fifanolanana misy.

VAVAKA MPITANDRINA

Vakiteny 2. 1Korintiana 6.7-11
Vavolombelon'ny fanavaozana notanterahin'Andriamanitra tao amin'i Jesosy Kristy ny mino.
7 Ary ankehitriny dia kilema aminareo ny anananareo ady amin' ny namanareo. Nahoana no tsy aleo mandefitra ny tsy rariny aza hianareo? Nahoana no tsy aleo maharitra hambakaina aza hianareo?8 Kanjo hianareo indray no manao izay tsy marina ka manambaka na dia ny rahalahinareo aza.9 Moa tsy fantatrareo va fa ny olona tsy marina tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra? Aza mety hofitahina hianareo: fa ny mpijangajanga sy ny mpanompo sampy sy ny mpaka vadin' olona sy ny sodomita10 sy ny mpangalatra sy ny mpierina sy ny mpimamo sy ny mpanaratsy ary ny mpanao an-keriny dia tsy mba handova ny fanjakan' Andriamanitra.11 Ary efa mba toy izany ihany ny sasany aminareo, saingy efa voasasa hianareo, efa nohamasinina hianareo, efa nohamarinina hianareo, tamin' ny anaran' i Jesosy Kristy Tompo sy tamin' ny Fanahin' Andriamanitsika.

Fanazavana fohy

HIRA : 446 :1 Atolotro Anao ny tenako

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
Mifona noho ireo fomba sy fisainana nolovana teo amin'izao tontolo izao izay mbola iaianana eo amin'ny tokanatrano sy ny Fiangonana ka tsy mampivoitra sy mampiseho ny herin'ny fahamrinan'Andriamanitra ka mampanjaka ny injustice. (*justice = ce qui est juste devant Dieu*)
Mangataka mba hohazavain'ny Tompo mandrakariva ny mino manoloana ireo olana maro samihafa, mba hanana ny fahendreny sy hitoky amin'izany fa tsy avy hatrany dia hanaraka ny an'izao tontolo izao rehefa tsy mahita vokatra eo no ho eo.
Mangataka mba hahery hivavaka sy hangataka amin'ny finoana amin'Andriamanitra amin'ny olana rehetra izay mitranga, fa tsy avy hatrany dia miroboka amin'ny saina sy ny herin'ny olombelona fotsiny.

VAVAKA MPITANDRINA

Vakiteny 3. 1Korintiana 6.12-13
Voatokana ho an'Andriamanitra avokoa ny tena sy ny asan'ny mino.
12 Ny zavatra rehetra azoko atao, nefa tsy dia ary mahasoa avokoa ny zavatra rehetra; ny zavatra rehetra azoko atao, nefa izaho tsy mety handevozin-javatra na inona na inona.13 Ny hanina dia ho an' ny kibo, ary ny kibo ho an' ny hanina; nefa samy holevonin' Andriamanitra izy roroa. Fa ny tena kosa dia tsy ho an' ny fijangajangana, fa ho an' ny Tompo; ary ny Tompo ho an' ny tena.

Fanazavana fohy

HIRA : 446 :2 Atolotro Anao ny tenako

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
Ny mino mba tena hanokan-tena ho an'ny Tompo, ka hikatsaka mandrakariva ny firaisana Aminy sy ny fankatoavana ny teniny ary ho vavolombelon'ny fitiavany.
Ireo izay mitady fiadanana mba ho tafahaona amin'i Kristy noho ny témoignage-ntsika
Hisaotra noho fahatongavan'ny nofo mangatsiakan'i Pasteur Zozo Randriamanantsoa any Madagasikara. Ho an'ny fianakaviany sy ireo nidonam-pahoriana rehetra.
Ny marary sy ny sahirana noho izao Coronavirus izao.

VAVAKA MPITANDRINA

Vakiteny 4. 1Korintiana 6.14-20
Olona mankafy ny maha-Tempolin'ny Fanahy Masina azy ny mino.
14 Ary Andriamanitra efa nanangana ny Tompo sady hanangana antsika koa amin' ny heriny.15 Tsy fantatrareo va fa momba ny tenan' i Kristy ny tenanareo? Moa hanala ny momba ny tenan' i Kristy va aho ka hanolotra izany ho momba ny tenan' ny vehivavy janga? Sanatria izany!16 Moa tsy fantatrareo va fa izay miray amin' ny vehivavy janga dia tena iray aminy? fa hoy Andriamanitra: Ho nofo iray ihany izy roroa.17 Fa izay miray amin' ny Tompo kosa dia fanahy iray aminy.18 Mandosira ny fijangajangana. Izay fahotana rehetra ataon' ny olona dia eny ivelan' ny tena ihany; fa ny mpijangajanga kosa dia manota mihatra amin' ny tenany.19 Ahoana ary? Moa tsy fantatrareo fa ny tenanareo dia tempolin' ny Fanahy Masina, Izay ao anatinareo sady efa azonareo tamin' Andriamanitra? ka tsy tompon' ny tenanareo hianareo.20 Fa olom-boavidy hianareo, koa dia mankalazà an' Andriamanitra amin' ny tenanareo.

Fanazavana Fohy
Hira : 446.3 Atolotro Anao ny tenako

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA
Malalaka

VAVAKA MPITANDRINA faranany amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo.

Teny FANDRAVONANA 2Kor 5.16-20
16 Koa dia tsy mahalala olona intsony araka ny nofo isika; eny, na dia nahafantatra an' i Kristy araka ny nofo aza isika, ankehitriny dia tsy fantatsika araka izany intsony Izy.17 Koa raha misy olona ao amin' i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo.18 Fa izany rehetra izany dia avy amin' Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin' ny alalan' i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana,19 dia izao: Andriamanitra ao amin' i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy ka tsy nanisa ny fahadisoany; ary efa napetrany aminay ny teny fampihavanana.20 Koa dia iraka solon' i Kristy izahay, toa an' Andriamanitra mampangataka anay

aminareo, solon' i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe: mihavàna amin' Andriamanitra anie hianareo.

HIRA : 487 :1,2,3 Fanavaozana izay mahagaga tokoa

TSO-DRANO Nomery 6.24-26

« Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo, hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo, hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana. » Amena.